Mora Aminao ve ny Miaiky hoe Diso?

Hanampy anao ity fampiasana ity mba 1) hahalala hoe inona matetika no ataonao rehefa diso ianao, ary 2) hahita hoe inona no tokony hataonao amin'ny manaraka.

Ahoana ny hevitrao?

1 Nahoana ny tanora sasany no tsy miaiky mihitsy rehefa diso?

.....

.....

.....

.....

.....

.....

.....

OHATRA: "Mora amin'ny saiko ny manaiky hoe diso aho, fa tsy vitako mihitsy ny hiaiky an'izany amin'ny olona. Tsy tiako mantsy hoe hisy hieritreritra zavatra ratsy momba an'ahy." —Melinda.



2 Ahoana no mety hiheveran'ny olona anao, raha mitady hanafina foana ianao isaky ny nanao zavatra tsy nety?

.....

.....

.....

.....

.....

.....

.....

OHATRA: "Tsy hatokisan'ny olona ianao raha manafina ny tsy nety nataonao. Tsy hisy haninona anao ange raha mitsotra ianao e. Fa raha miseho ho hendry be ianao nefa tsy izay akory, dia ho diso fanantenana aminao ny olona."—Christine.

3 Ahoana no mety hiheveran'ny olona anao raha tonga dia miaiky ianao hoe diso?

.....

.....

.....

.....

.....

.....

.....

OHATRA: "Mahagaga fa vao mainka ny olona manaja ahy, rehefa miaiky aho hoe diso. Imbetsaka mihitsy izany no tsapako." —Richard.

www.jw.org © 2014 Watch Tower Bible and Tract Society of Pennsylvania

Inona no *hataonao?*

Nindrana ny bisikiletan'ny dadanareo ianao, dia simba ilay izy.

- ☐ Tsy hiteniteny sady mieritreritra hoe tsy ho tratra.
- ☐ Hitsotra an'izay nitranga rehetra amin'ny dadanareo.
- ☐ Hitantara ihany saingy hiteny hoe olon-kafa no nahatonga an'ilay izy.

Nilalao baolina ianao ka namaky ny fitaratry ny olona mipetraka eny akaikinareo.

- ☐ Handositra.
- ☐ Hitsotra amin'ilay tompony, ka hilaza hoe vonona ny hanolo.
- ☐ Hiteny hoe olon-kafa no nanao an'ilay izy.



Ratsy ny naotinao satria tsy nianatra tsara ianao.

- ☐ Hiteny hoe sarotra loatra ilay fanadinana.
- ☐ Hiaiky hoe tsy niana-desona ianao.
- ☐ Hilaza fa ilay mpampianatra mihitsy no tsy tia anao.

Diniho ireo ohatra eo ambony ireo, dia eritrereto hoe ianao no eo amin'ny toeran'ny 1) dadanareo, 2) olona mipetraka eny akaikinareo, ary 3) mpampianatra.

Ahoana no mety hiheveran-dry zareo anao raha tonga ianao dia mifona?

.....

.....

.....

.....

.....

Ahoana indray raha manafina ianao, na manilika an'ilay izy amin'olon-kafa?

.....

.....

.....

.....

.....

www.jw.org © 2014 Watch Tower Bible and Tract Society of Pennsylvania

Mieritrereta fahadisoana iray nataonao tamin'ny herintaona.

Inona ilay izy?

.....

.....

.....

Ahoana no nataonao tamin'izay?

- ☐ Nanafina an'ilay izy.
- ☐ Nanilika an'ilay fahadisoana tamin'olon-kafa.
- ☐ Niaiky hoe diso.

Raha *tsy niaiky* ianao, inona no tsapanao avy eo?

- ☐ Milamina: Afaka aho tamin'iny!
- ☐ Nanenina: Tahaka izay aho mba nifona.

Inona no tokony ho nataonao?

.....

.....

.....

.....

.....

Inona no ianaranao avy amin'ilay zavatra tsy nety?

.....

.....

.....

.....

.....

Inona no tanjonao amin'ity taona ity rehefa misy tsy mety ataonao?

.....

.....

.....

.....

.....

Mitadiava fanazavana fanampiny.

Ampitahao ny 2 Samoela 12:1-13 sy ny 1 Samoela 15:10-26. Mariho fa nifona i Davida rehefa nanao diso, fa i Saoly kosa vao mainka nanamarin-tena.

Diniho izao avy eo: Samy tsy nitsotra ny fahadisoany na i Davida na i Saoly *tamin'ny voalohany*. Niaiky ihany anefa izy ireo *tamin'ny farany.* Koa nahoana i Jehovah no namela an'i Davida nefa tsy namela an'i Saoly?

www.jw.org © 2014 Watch Tower Bible and Tract Society of Pennsylvania